

26 jiona 2010.  
14 Tamouz 5770.

**Fahatsorana sy fahalebiazan'ny Fanambaràna avy any an-danitra.**

*"An'i Jehovah Andriamanitsika ny zava-miafina; fa antsika sy ny zanatsika mandrakizay kosa ny zavatra ambara, hankatoavantsika ny teny rehetra amin'ity lalàna ity "* Deotornomia 29:28

Asehony ny tenin'Andriamanitra amin'ny fahatsorana sy tsy fiandaniana na amin'ny atsy na amin'ny aroa ny fahamarinana ary mifanaraka amin'ny faniriana avy ao ampo ao. Trafran'ny tsy nampoizina ireo manantsaina saingy voasarika ary nahita ny lalan'ny famonjena kosa ny olona manetry tena sy tsy manam-pahalalàna. Saingy ireny fahamarinana voalaza amin'ny fahatsorana ireny dia mirakitra loha-hevitra avo sy malalaka ary ambony lavitry ny fahendren'ny olombelona ka manahirana amin-tsika ny manaiky azy satria avy amin'Andriamanitra izany. Arak'izany dia naseho teo anoloan-tsika ny drafitry ny fanavotana mba hahazoan'ny tsirairay habita ny lalana hahatongavany amin'ny fiaikan-keloka eo anatrehany, amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontosika mba ho voavonjy noho ny fikasàny mandrakizay. Saingy ao anatin'ireo fahamarinana mora saintsainina ireo dia misy zavatra tsy hay hazavaina izay mihoatra lavitra ny saham-pkarohana azon-tsika sahanina ka manafina ny voninahitr'Andriamanitra. Miteraka finoana sy fanajàna eo amin'ireo izay mikatsaka amin'ny fo ny fahamarinana izany. Arakaraka ny fandinihany ny Baiboly no hahareseny lahatra fa tenin'Andriamanitra izany. Miondrika eo anatrehan'ny fahalebiazan'ny fanambaràn'Andriamanitra ny fiheveran'olombelona. Hahazo fahazavàna bebe kokoa ireo izay manaiky ny fahefana velon'ny teny avy any andanitra. Raha hanontaniana mikasika heviteny sasantsasany izy ireo dia tsy hamaly afa tsy hoe: **"Izany no lazain'ny Teny Voasoratra"**. Miaiky izy fa tsy afaka manazava ny asan'ny hery na ny fahendrena izay Andriamanitra ihany no maneho azy araka izay tiany mba tsy hanekentsika foto-kevitra afa-tsy ny finoana. Ny fanekena izany dia fiaikàna fa ny saina voafetra dia tsy afaka hanatratra ny tsy hita fetra, ka ny olona amin'ny fisaintsainany manam-petra dia tsy afaka hahazo ny fikasàn'ilay manana ny fahalàlana rehetra.

Rehefa tsy mahatakatra zava-miafina ve izy ireo dia hisalasala sy hitsipaka ny Tenin'Andriamanitra. Misy amin'ireo milaza fa mino ny Baiboly no tsy voaaron'ny fakam-panahy amin'io lafiny io. **"Tandremono, ry rahalahy, fandrao hisy aminareo hanana fo ratsy tsy mino ka hiala amin'Andriamanitra velona;"** (Hebreo 3: 12) Ireo izay nanana fahazarana manakiana, mampisy fisalasalàna sns satria tsy tonga amin'ny fandalinana ny fikasàn'Andriamanitra dia **" latsaka amin'ny tsi-finoana tahaka izany koa "** (Hebreo 4:11). Tsara ny mianatra amim-pitsipika ny fampianaran'ny Baiboly sy manmakafaka nadia ny **"sain-dalin'Andriamanitra "** aza (1 Kor.2:10) rehefa omen'ny Soratra Masina alalana isika. Kanefa **" An'i Jehovah Andriamanitsika ny zava-miafina; fa antsika sy ny zanatsika mandrakizay kosa ny zavatra ambara"** (Deot.29: 28) .

Mamadika ny fahafahan-tsika manadihady no tena asan'i Satàna. Raha vao misy avonavona kely fotsiny mifangaro amin'ny fampianarana Baiboly dia miditra ny tsy faharetana ary hihevitra fa azo atao ny manazava ny lafiny tsirairay ao anaty Baiboly araka ny mahamety ny sain'ny tena manokana. Dia mihevitra koa fa mampietry ny tsy fahazoana ny dikan 'ny teny azo avy tamin'ny tsindrimandry. Dia tsy andry ny fampisehoan'Andriamanitra ny fahamarinana. Misy mino fa ampy hanazavàna ny Teny Voasoratra ny fahendren'olombelona kanjo rehefa tsapa aty aoriana fa tsy izany velively dia toherina ny fahefany.

Marina fa foto-pinoana maro sy petra-kevitra mahazatra heverina fa fampianaran'ny Baiboly dia tsy mifototra velively ao aminy fa mifanohitra amin'ny hevitra ankapobeny voalazan'ny Boky. Ireny fahadisoana ireny dia nahatonga ahiahy sy fisalasalàna ho an'ny fanahy maro. Tsy afaka omena tsiny ny Tenin'Andriamanitra fa ny fahadalàn'ny olona no nahatonga izany. Ny zavatra toa maizimaizina ao dia tsy manakana velively ny fahendren'Andriamanitra; tsy ho antony hahavery na dia fanhy iray aza izany.

Ellen G. White *Témoignages pour l'église* Vol 2 p. 357 -361

